## Ny Valosoa sy hadihady

# Raharaha Ambohitrimanjaka : matoa misisika ny fitondrana dia ao raha !

***Efa tena lasa tandra vadin-koditra eto Madagasikara amin'izao fotoana izao ny olana eo amin'ny fananan-tany. Tsy tompo-tanindrazana intsony ny Malagasy fa ny vahiny indray no manjakazaka.***

Nanaitra tokoa ny fanambaran'ny filoha frantsay tao amin'ny nosy "Glorieuse" hoe « La frantsa eto » (Ici c'est la France). Sahy miteny izany izy na dia aty amin'aliny kilometatra aza ny manelanelana an'i Lafrantsa sy ity nosy lazainy fa azy ity. Efa manomboka mizarazara ny hevitry ny gasy, indrindra ny politisiana, manolohana ity toe-draharaha ity. Ny olona matotra sy mahalala tsara ny tantaran'i Madagasikara dia sahy milaza fa tsy misy iadian-kevitra intsony fa haverina tsy misy fepetra amin'ny Malagasy ireo Nosy dimy manodidina ireo. Efa notinapaka tany amin'ny Firenena mikambana, ny taona 1979, fa Nosy malagasy ireo, ka tsy maintsy haverin'i Lafrantsa aminy. Ny filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara dia manaiky ny hananganana kaomisiona, iombonan'ny frantsay sy malagasy, handinika ny momba ny fitantanana ireo Nosy ireo mialohan'ny 18 novambra. Ny praiminisitra indray dia nanambara fa tsy maintsy hanao fitsapankevitry ny vahoaka Malagasy. Inona anefa no hataon'ny gasy raha mitaky ny hamerenana ireo nosy ireo kanefa ny frantsay miziriziry amin'ny heviny? Hidina eny an-dàlambe sa hirohotra any amin'ny masoivoho frantsay izay tsy hisy fiantraikany amin'ny fitondrana frantsay velively. Heverina anefa fa ny fampiharana ny fanapahankevitry ny Firenena mikambana sy ny fandalàna ny rariny sy ny hitsiny no tsy maintsy takiana amin'ny frantsay. Fandaniana andro sy vola izany fitsapankevi-bahoaka izany. Sahy miteny ireny ny filoha frantsay satria fantany fa ny samy Malagasy aza mifanolana momba ity resaka tany ity. Tsy tena mazava ny mampisisika ny fitondrana hibodo ny tanimbary sy tanimbolin'ny mponina eny Ambohitrimanjaka. Misy harena be ao amin'ny nosy Glorieuse, ka tsy mahagaga raha mitokona ao any frantsay. Ny etsy Ambohitrimanjaka koa dia tany famokarana sy mampidi-bola ho an'ny vahaoka ka tsy tokony ho gaga raha tsy manaiky ny hanesorana azy eo ny tompon-tanindrazana. Ka sao dia efa nandraisana vodiondrim-barotra ireo tany ireo. Ny mampanontany tena tokoa mantsy, fa herinandro no nitsanganan'ilay komity nandinika izay tambiny homena ireo tantsaha dia nivoaka nambara am-pahibemaso fa misy 20 tapitrisa dolara (20 millions de dollars) ny vola eo am-pelatananan'ny fitondrana. Toa nanao mazia ny mpitondra satria sarotra ny hahitana izany vola be izany ao anatin'ny indray mipi-maso. Ny vahoaka no nametraka ny mpitondra eo amin'ny fitantanana ny Firenena ka tsy rariny raha tsy henoina ny feon'ireo tompon-tanindrazana eny Ambohitrimanjaka ireto. Ankoatr'izany dia fito arivo ariary eo ny vidin'ny iray metatra toradroa (7.000 Ar./m2) koa raha manana zato m2 izany ny mponina iray dia fito hetsy ariary ny tambiny ho raisiny (700. 000 Ar. na 3.500.000 Fmg). Mahavita inona izany vola izany sa hanao mpivarotra eny amoron-dàlana daholo indray izay ho voaroaka eny? Na dia eny andrefan' Antananarivo aza no misy an'Ambohitrimanjaka dia miteny ny mpitondra hoe: tsy maintsy ho "eto Tanà-Masoandro", toa midika izany fa ho avy any no hiposaka ny masoandro hanazava ny renivohitra sy hanaisotra ny fahasemporany eo amin'ny lafiny rehetra. Ho maizina kosa ny androm-piainan'ireo mponina manaiky handray ny vola tsy mahavita iray volana na hahefa ny saran'ny fifindra-monina akory. Ho sempotry ny fahantrana izay sisa tavela ao sady tsy manaiky ny hanotofana ny taniny satria efapolo andro no homena azy raha tsy izany dia hiala maina izy. Ho hita eo raha mbola tia kely ihany ny vahoaka, ka hilaza fa aleo mihinan-kely toy izay mandry fotsy, na hampiseho firaisankina, ka hiara-hiredona hoe "masina ny tanindrazana". Ny azo lazaina dia matoa manao tian-kano tsy tian-kano toy izao ny fitondrana dia "AO RAHA"!!!

***Andry Tsiavalona***

## NY TENY FIAINANA




***Nomery 27:16***

*Aoka Jehovah, Andriamanitry ny fanahin'ny nofo rehetra, hanendry lehilahy izay hitandrina ny fiangonana".*

Afisim-pifidianana

# Tsy azo asiana sarin'olon-kafa ankoatra ny an'ny kandidà hoy ny CENI

Namory ireo mpanao gazety ny Vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana na ny CENI omaly, teny amin'ny foiben-toerany teny Alarobia. Izany no natao mba hamerenana sy hampahafantarina indray ho an'ny mpisehatra rehetra ao anaty fifidianana ireo fepetra tokony hotandrovana mandritra ny fampielezan-kevitra. Teboka vitsivitsy mifanaraka amin'izany fifidianana izany no navoitran'ny CENI nandritra izany ary nasiana tsindri-peo manokana ireo fepetra tsy maintsy tandrovana amin'ny vanim-potoanan'ny fampielezan-kevitra. « Maro ireo tsy fanarahan-dalana tsikaritra isaky ny manatontosa fifidianana", hoy ny Filoha lefitry ny CENI Andriamatoa Rakotonarivo Thierry. Fotoan'ny fampielezan-kevitra: Talata 5 novambra amin'ny 6 ora maraina ka hifarana ny 25 novambra amin'ny 12 ora alina (Voarara ny fanaovana fampielezan-kevitra ankoatr'ireo fotoana ireo). Talata 26 novambra : fahanginana ara-pifidianana (tsy misy fampielezan-kevitra azo atao intsony ary voarara ny fivarotana sy fividianana zava-pisotro mahamamo). Ireo mahazo manao fampielezan-kevitra : ireo kandida sy ny lisitry ny kandida izay neken'ny CENI ny filatsahankofididany, ireo komity mpanohana nahazo taratasy mazava an-tsoratra avy amin'ny kandida izay tohanany. Ireo toerana ahazoana manao fampielezan-kevitra: ireo toerana napetraky ny vondrom-bahoakampartira itsinjaram-pahefana (Kaominina na Faritra). Araka ny fanazavan'ny filoha lefitry ny CENI ihany dia tokony efa mivoaka ny lisitr'ireo toerana izay azo hanaovana fampielezan-kevitra ary azon'ireo kandida sy ireo lisitry ny kandida hampiasaina mandritra ny fotoam-pampielezan-kevitra. Raha ny nambaran'ny filoha lefitry ny CENI. Nomarihina ihany koa fa tsy azo asiana sarin'olon-kafa amin'ny peta-drindrina. Raha ny fanazavana dia fifidianana roa samihafa ny fifidianana ben'ny tanàna sy ny fifidianana mpanolo-tsaina. Araka izany dia ny sarin'ny kandida ben'ny tanana ihany na ny sarin'ireo lisitry ny kandida mpanolotsaina ihany no azo apetraka amin'ny peta-drindrina iray. Tsy azo apetraka amin'izany peta-drindrina izany ihany koa ny sarin'ireo foto-drafitrasa maro samihafa. "Fananan'ny fanjakana sy ny vahoaka ireny", hoy hatrany ny fanamarihan'ny filoha lefitry ny CENI.

***Isambilo***



***Ny filoha lefitry ny CENI Thierry Rakotonarivo.***

FIANGONANA VAHAO NY OLOKO

# Namaly ny fanasan'ny fiangonana azy i Rina N°02

Tonga namaly ny fanasana nivavaka nataon'ny fiangonana Vahao ny oloko azy, teny amin'ny foiben-toerany teny Andrefan'Ambohijanahary, ny kandida Rina N°2 eto Antananarivo. Marihina fa nasain'ny tao amin'ity fiangonana ity avokoa ireo kandida rehetra, fa i Rina sy ny kandida ben'ny tanàna tao Ankadikely ihany no namaly ny antso tamin'ny fotoambavaka lehibe natao tao ny alahady lasa teo. Arak'izany, noporofoin'i Rina N°2, ny maha -Malagasy Kristianina azy, fa na iza na iza manàsa azy, dia hajainy ny fanasàna,nasaina avokoa teto ireo Kandidà, fa izy no namàly izany, midika fa tsy manavaka na iza na iza izy.



***Rina, niara-nivavaka tamin'ny Vahao ny Oloko tetsy Andrefan'Ambohijanahary.***

***Isambilo***

Amiraly Didier Ratsiraka

# 83 taona omaly 4 novambra



***Ny Amiraly Didier Ratsiraka.***

83 taona omaly 4 novambra ny Amiraly Didier Ratsiraka. Ny 4 novambra 1936 izy no teraka, arak' izany feno 83 taona katroka omaly ny filoha teo aloha ny Amiraly Didier Ratsiraka. Manamboninahitra mitondra ny galona «Amiral » grady ambony indrindra eo anivon'ny Tafika an-dranomasina izy. Filoha mpanorina ny antoko Arema i Didier Ratsiraka. Nitondra an'i Madagasikara teo anelanelan' ny 4 janoary 1976 hatramin'ny 27 martsa 1993. Niverina teo amin'ny fitondrana indray ny 9 febroary 1997 hatramin'ny 6 mey 2002. Nirotsaka hofidiana filoham-pirenena indray ny taona 2018, ary nihintsana tamin'ny fihodinana voalohany. Tamin'ny fotoana nitondrany ny taona 1979 no nahazahoan'i Madagasikara, teo anivon'ny Firenena mikambana, ireo nosy malagasy izay mbola bodoan'i Frantsay hatramin'izao.

***Stefa***


PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Fitiavana R.**